# Andro Iraisam-pirenena

# Fiaraha-mivavaka ho an'ny Vehivavy

Toriteny

6 Martsa 2021

# HANDEHA AHO

Nomanin'i Danijela Schubert, D.Min.

Atrikasa

## Mandresy ireo sakana eo amin'ny fiainana

Nosoratan'i Danijela Schubert, D.Min.

Seminera

**MAMPIANARA ANAY HIVAVAKA :**

**Fomba efatra handraisana ny soa be indrindra avy amin'ny fotoam-bavaka**

Nosoratan'i Zdravko Stefanovic, PhD

Nomanin'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy

Foibe Manerantany Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito

12501 Old Columbia Pike, Silver Spring, MD 20904-6600 USA

Seventh-day
Adventist® Church
FOIBE MANERANTANY
SAMPANA MIADIDY NY VEHIVAVY

Ry rahavavy malala:

Am-pifaliana lehibe no iarahabako anareo ry rahavavy malalako. Efa an-taonany maro, maherin'ny 19 taona no nisian'ny Andro Fiaraha-mivavaka ho an'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy. Nahoana no mbola manohy manentana ity andro ity isika isan-taona ? Manao izany isika satria ny tsirairay avy amintsika dia tsy maintsy miorina eo amin'ny vavaka. Amin'ny alàlan'ny vavaka no ahafahan'ny finoantsika mitombo ao amin'Andriamanitra - noho ny fahitantsika ny valim-bavaka omeny sy ny fahafantarantsika fa manampy antsika Izy, mitarika antsika ary manome hery antsika.

Amin'ity taona ity, ny Andro Fiaraha-mivavaka ho an'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy dia mifantoka amin'ilay lohahevitra iombonan'ny Fiangonana Maneran-tany ho an'ny taona 2020-2025 manao hoe « Handeha Aho ». Tamin'ity taona ity, ny mpanoratra ny toriteny Sabata dia nampifantoka ny toriteniny amin'ireo zavatra tsy ho azo tanterahana, kanefa iantsoan'Andriamanitra antsika ary ao anatin'izany toriteny izany ihany koa no anehoany ohatra vitsivitsy ny amin'ireo vehivavy nandray antso avy tamin'Andriamanitra hanantanteraka zava-tsarotra, tsy azo tanterahana, kanefa noho ny Fahasoavany sy ny Heriny dia tontosan'izy ireo soa aman-tsara izany.

Manoloana izany, ahoana ny aminao rahavaviko? Inona no sedra na toe-javatra atrehanao ankehitriny ? Vonona ny hitondra izany eo amin'Andriamanitra va ianao, amin'ny alàlan'ny vavaka, ary hanohy hivavaka, hanantena ny valiny omen'Andriamanitra ? Raha izaho dia « eny ». Tsy mba fanirianao va ny hiaraka aminay amin'ity Andro Fiaraha-mivavaka ity ary hanolo-tena hirotsaka eo amin'ny tontolo misy anao - ny tokantranonao, ny mpiray vodirindrina aminao, ny sehatra iasanao, sns… - ary hanatratra ny tontolo ho Azy ? Vonona ny hivavaka va ianao, mandra-pamalin'Andriamanitra izany, arak'izay heveriny fa mahasoa antsika amin'ny fiainantsika? Raha izaho dia « eny ».

Hitahy anao anie Andriamanitra ary hanome hery anao amin'ity andro manokana ity, izay hampirasan'ireo zanakavavin'Andriamanitra an-tapitrisany maneran-tany ny feon'izy ireo ary hanatonany ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amim-bavaka, miandrandra fahagagana sy fahendrena ho fanatanterahana ny sitrapon'ny Ray.

Mirary ny fahasoavana sy ny fifaliana ho anao,

Heather-Dawn Small

Heather-Dawn Small, Tale

## Fizahan-takelaka

***Topimaso mahakasika ny Fanompoam-pivavahana……………………………………..4***

***Toriteny ho an'ny ankizy……………………………………………………………….5***

***Toriteny………………………………………………………………………………...8***

***Ambangovangon'ny atrikasa………………………………………………………….17***

***Atrikasa……………………………………………………………………………..19***

***Seminera…………………………………………………………………………….233***

## Topimaso mahakasika ny Fanompoam-pivavahana

**Sosokevitra ho amin'ny fanompoam-pivavahana**

**Fiantsoana**

**Vakiteny fototra : Salamo 43 :4**

*« Dia hankany amin'ny alitaran'Andriamanitra aho, dia any amin'Andriamanitry ny fifaliako indrindra; ary hidera Anao amin'ny lokanga aho, ry Andriamanitra ô, dia Andriamanitro. »*

Hira Fiderana

Vavaka fiankohofana

Fanentanana ho amin'ny fanatitra sy ampahafolony

Toriteny ho an'ny ankizy : « Andeha Aho !»

Mozika na hira manokana

Toriteny : « Handeha Aho ! »

Hira :

Vavaka famaranana

## Toriteny ho an’ny Ankizy

**Handeha Aho**

Nosoratan’i Danijela Schubert

Fitaovana ilaina mba hampisy aina ny tantara :

- « Pince » fanahazan-damba
- Fanariam-pako
- Tapa-kazo ho an’ny afo kitay

Mialohan'ny hanombohantsika ny tantara, andeha hanao fanazarana miara-manonona zavatra iray isika. Ilaintsika izany ho an’ny tantara. Azontsika atao ve izany ? Tsy sarotra kah ! Andeha hiara-hiteny hoe « Handeha aho ! » Ataovy henoko tsara hoe… « Handeha Aho ! » Avereno indray mandeha… Miara-miteny daholo… « Handeha aho ! » Misaotra anareo !

Joanna dia zazavavy kely nipetraka tao amin'ny rihana fahaefatry ny tranobe iray. Misy aminareo eto ve mipetraka amin’ireny tranobe ireny ? (Jereo raha misy ankizy manangan-tànana ary isaory izy ireo.)

Vaovao izany trano izany, ary faly ery ny fianakaviana fa afaka mipetraka ao anatiny. Iray amin'ireo zavatra tsara momba azy ny fananany lavarangana. Avy ao an-dakozia dia afaka miampita eny an-davarangana i Joanna ary mahita zavatra maro.

Nisy taminareo ireto ve efa teny amin'ny toerana avo, izay nahafahanareo nahita zavatra maro ? Mety nihanika havoana ianareo, na hazobe iray ; angamba ny « ascenseur » no nitondra anao niakatra ny trano avobe iray, na ny dadanao no nilanja anao teny an-tsorony ? (Raha malalaka ny fotoana dia asaivo mizara ny toerana nisy azy ireo ny ankizy vitsivitsy, na, fara-faharatsiny fantaro izay valinteny omen’izy ireo.)

Tian'i Joanna ny mitazana avy eny an-davarangana. Nahatazana ireo tranobe lehibe hafa izy, ireo trano iva, ireo fiara mandalo, ireo fiaramanidina eny amin’ny habakabaka, ireo mpandalo ary ireo ankizy hafa nilalao teo akaiky teo.

Ny renin’i Joanna dia nampiasa ny lavarangana ho amin'ny asa manokana. Isak’izay manasa ny akanjon'ny ankohonany izy dia ahantony amin’ny tady eny an-davarangana izany. Mety ho toy izany koa ny fomban’ny dadanareo sy neninareo. Ahoana no fanaontsika ahazoana antoka fa tsy hianjera avy eny amin’ny tady ireo akanjo ? (Asehoy ny fitaovana voalohany: ny « pince » fanahazan-damba) « Pince » fanahazan-damba !

Nahazan’ny renin’i Joanna ny lamba ary nandray « pince » fanahazan-damba vitsivitsy teny an-tànany izy. Oh! Latsaka avy teny an-tànany, avy eny amin’ny rihana fahaefatra fonenan’izy ireo ny iray tamin’ireo fanahazan-damba. Tsy zakany ny hamela ilay « pince » fanahazan-damba ho very, ka niangavy an’i Joanna ny reniny manao hoe: "Joanna ô, Mandehana ianao midina any ambany ary alaivo ho ahy iny “pince » fanahazan-damba iny.

Faly tokoa i Joanna satria afaka hivoaka ny trano, ka hoy ny navaliny hoe (miato) : Andeha hiarahantsika miredona ilay fanazarana nataontsika tery aloha : « Handeha Aho ! » *(Aoka ho azonao antoka fa manonona azy amin'ny feo mafy tokoa ny ankizy)*

Nihazakazaka izy nidina tany ambany rihana izy. Vetivety foana no namitany ny zana-tohatra 72, ny rihana efatra, tonga tany ambany rihana izy. Notadiaviny ilay « pince » fanahazan-damba ; hitany ary dia faly ery izy namonjy niakatra ny tohatra mba hanome izany ny reniny.

Ianao ve mba tia miakatra sy midina tohatra ? (Jereo ny valinteny omen'izy ireo)

Rehefa tapitra voahahany ny akanjo rehetra mba ho maina dia nanomboka nikarakara ny sakafo atoandro ny renin'i Joanna. Mba somokitra nanampy ny reniny nitetika ny legioma koa i Joanna. Ianao koa va mba tia manampy ny dadanao sy neninao amin'ny fikarakarana sakafo ?

Vetivety foana dia feno ilay fitoeram-pako (asehoy ny fitoeram-pako) ka tokony hariana. Dia hoy ny renin'i Joanna : "Joanna ô ! Andeha mba ario any ivelany ireo fako ireo ! » Nojeren'i Joanna ilay fitoeram-pako, ary hoy ny navaliny (Miato kely, manao fiteny na fihetsika, manasa ny ankizy hamaly) "Handeha aho." Dia nandeha indray i Johanna, nidina ny tohatra. Tsy afaka nandeha mafy izy, satria somary mavesatra ny tavoahangy, ka tsy maintsy mitandrina.

Somary sarotsarotra kokoa tamin'ity indray mitoraka ity ny mihanika ny rihana efatra.

Somary nangatsiatsika ny tao ivelany, ka tsy maintsy mandrehitra afo hanafanàna ny trano ny renin'i Joanna. Tsy maintsy mila kitay vitsivitsy izy (asehoy ny kitay ary jereo raha misy zaza afaka milaza ny anaran'ilay zavatra) amin'izany.

Nijery ny reniny tamin'ny masony mitalaho i Joanna ary namaly hoe… Inona araka ny hevitrao no navaliny ? (Miato kely ary avelao ny ankizy hamaly hoe: "Handeha aho.") Tsia, tsy nilaza izy hoe: « Handeha aho ». Teo aloha izy dia nanao foana hoe : « Handeha aho ! », fa tsy tamin'ity indray mitoraka ity.

Tamin'ity indray mitoraka ity dia hoy izy: "Tsy maintsy manao izany ve aho?" Narary kely ny tongony noho ny fiakarana sy fidinana ny tohatra. Fantatr'i Joanna fa finaritra sy kinga kokoa izy midina ny rihatra efatra, fa hampananosarotra azy kosa ny hiakatra ny tohatra, hitondra ireo hazo mavesatra. Angamba azon'ny olon-kafa hatao ity raharaha ity.

Indraindray ve mba misy raharaha sarotra ataonao ao an-trano sa tsy tianao ny manao azy? (Valio tahaka izao ny ankizy : "Eny, isika rehetra indraindray dia manana raharaha sarotra, na tsy tiantsika hatao. Kanefa ilaina izy ireny.)

Nijery an'i Joanna tamim-pitiavana i Neny sady nitsiky. Hoy ny navaliny hoe : "Hanampy antsika rehetra hahazo hafanana ato an-trano izany. Moa va tsy mba tianao koa izany ? »

Tian'i Joanna ny reniny ary naniry ny hanampy ny fianakaviany izy ka hoy izy: (miato kely ary avelao ny ankizy hiteny izany) « Handeha aho ».

Imbetsaka tokoa i Joanna no niakatra sy nidina ireo tohatra ireo, nandritr'ireo taona maro nipetrahan'izy sy ny fianakaviany tao amin'izany trano izany.

Rehefa lehibe i Joanna dia nahazo fiantsoana handeha sy honina any amin'ny firenena samihafa, hiasa ho an'i Jesosy. Rehefa nangatahana hiasa any Pakistan izy ireo dia inona no navaliny araka ny hevitrao? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho ». Rehefa nangatahana hiasa any Papouasie-Nouvelle-Guinée izy ireo dia inona no navaliny araka ny hevitrao? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho ». Rehefa nangatahana hiasa any Aostralia izy ireo dia inona no navaliny araka ny hevitrao? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho ».

Rehefa mangataka anao hanampy azy amin'ny raharaha ao an-trano i neny na i dada dia inona no hovalinao ? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho »

Rehefa mangataka anao hanao zavatra iray ho Azy i Jesosy dia inona no hovalinao ? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho »

Ankehitriny dia tonga ny fotoana tsy maintsy hiverenanareo eny amin'ny ray aman-dreninareo. Inona no lazainareo? (miato ary avelao ny ankizy hiteny) « Handeha aho »

Mandehana ary ! Homba anareo anie Andriamanitra!

**Toriteny**

**Handeha Aho !**

Nosoratan'i Danijela Schubert

**Fampidirana**

Miarahaba antsika rehetra amin'ny anaran'i Jesosy!

Tia tantara ve ianareo ? Izaho manokana dia tia mihaino tantara, indrindra ireo izay tena zava-nisy marina. Anio isika dia hihaino tantara vitsivitsy mahakasika ireo olona niatrika toe-java-sarotra. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra mba ahafahany manova ny fiainany. Na dia niatrika toe-javatra samihafa aza izy ireo, nipetraka tamin'ny toerana samy hafa, niaina tamin'ny fotoana samihafa tamin'ny tantara, dia nilain'izy ireo ny nandray fanapahan-kevitra. Raha tsy nisafidy afa-tsy làlana tokana izy ireo dia ho hafa ny fizotry ny tantara. Tsy ny azy ireo ihany, fa ny tantaran'ny firenena manontolo mihitsy.

Henoy tsara ary !

(Ho an'ireo mpihaino tanora kokoa, dia entano izy ireo hamantatra hoe iza no mpilalao fototra ao amin'ilay tantara. Raha fantatr'izy ireo ny valiny alohan'ny hamoahana azy dia soraty amin'ny taratasy izany ary ampitao amin'ny diakona. Manomàna fanomezana kely ho an'ireo izay nahita valiny marina. Vantany vao mivoaka ny anarana dia tsy manan-kery ny valintenin'izy ireo. Azo atao ny manao ny fampiharana amin'ny fampiasàna ny fitaovan-tserasera, na takelaka, na amin'ny alàlan'ny fananganan-tànana sns… Arak' izay mety.)

Ny Fanahy Masina dia hiteny aminao amin'alàlan'ireto tantara ireto. Sokafy ny fonao sy ny sainao handre ny hafany aminao anio, manoloana ny fanapahan-kevitra tsy maintsy horaisinao.

**Tantara 1**

Tsara tarehy izy, tanora, tsy manambady. Toy ny ankamaroan'ny tovovavy dia nieritreritra ny fiainany izy ary nanontany tena hoe hanao ahoana ny hoaviny. Mety mba hahazo izay anjarany va izy ? Sa hijanona mandrakariva eo amin'ny ray aman-dreniny mandritry ny fiainany manontolo? Raha hanambady izy, iza no tiany hovadiana? Olona manao ahoana no mety hiara-dàlana aminy amin'ny fiainana ? Ho tsara tarehy sy bikàna ve izany ? Tsara fanahy? Manankarena? Manontany tena aho hoe inona amin'ireo toetra tsara eo amin'ny lehilahy iray no hita ao amin'ny lisitra narafiny ? Fahita matetika ny zazavavy manambady havana lavitra. Saingy tamin'ity kosa dia tsy nisy ny manodidina ny faritra nonenany. Fantany fa nifindra tany amin'ny toerana hafa ny sasany tamin'izy ireo, saingy lavitra loatra izany, ary tsy nifampitsiditsidika mihitsy izy ireo.

Iray amin'ireo anjara andraikiny isan'andro ny mandeha matsaka ho an'ny fianakaviana. Fanaony ny miaraka amin'ny tovovavy hafa avy ao an-tanàna, saingy irery izy androany. Rehefa nanakaiky ny fantsakana izy dia nahita vahiny iray izay miharihary fa avy nanao dia lavitra. Fantany avokoa ny olona rehetra tao an-tanànany, ka avy hatrany dia tsikariny fa vahiny izato izy. Famantarana iray hafa, nisy rameva nipetraka koa teo akaiky teo.

Dia liana ny hahafantatra izy hoe fa iza loatra izato vahiny izato ? Avy aiza izy? Inona no nahatongavany eto? Avy nitsidika olona tao an-tanàna ve, sa niato kely fotsiny alohan'ny hanohizany ny diany?

Tsy nampoiziny hoe noho io lehilahy io, amin'io andro indro, dia hiova mandrakizay ny fiainany (ao anatin'ny latsaky ny efatra amby roapolo ora).

Niato tampoka ny eritreriny. Indro ilay vahiny nanaitra azy tamin'ny fangatahana narahina fanontaniana. Nila rano hosotroina izy. Kanefa nanao nihoatra lavitra noho izay fikarakarana tokony ho nataony ravehivavy - nomeny rano koa ny ramevany. Asa goavana izany, saingy tamim-pifaliana no nanolorany tena hanao izany. Tsy fantany fa io fihetsika io dia fanatanterahana famantarana iray nangatahin'ity lehilahy ity tamin'Andriamanitra!

Tsikaritr'ilay tovovavy fa manara-maso azy tsara eo am-piasana ilay lehilahy ary hitany fa namoaka zavatra tao anaty kitapony izy. Akory ny hagaganany! Nomen-dralehilahy kavina volamena sy peratra roa izy! Iza ny tovovavy tsy ho tia fanomezana toy izany ?! Dia nanontany hoe izy: *« Zana-jovy moa ianao ? Mba lazao amiko. Ary moa misy azonay handriana va ao an-tranon'ny rainao ? »* Ny fanontaniana voalohany dia novaliany tamim-pahamendrehana tamin'ny alàlan'ny filazàny ny anarany ary mbola novaliany ihany koa ny fanontaniana faharoa ary nambarany fa manana toerana malalaka handraisana azy sy ny ramevany izy ireo. Rehefa nanonona ny anaran'i Abrahama ralehilahy, dia nihazakazaka mafy arak'izay tratry ny ainy ilay tovovavy.

Nony tonga tany an-trano izy dia nilaza tamin'ny fianakaviany izay nahazo azy. Nampandrosoin'ny anadahin'ilay tovovavy tao an-tokantranon'izy ireo ralehilahy ary nokarakarain'izy ireo tsara. Nofahanan'izy ireo ireo ramevany, nanomana sakafo ho azy sy ireo mpanara-dia azy izy ary nanome rano ho azy ireo mba hamelombelona ny ainy. Saingy tsy handrapaka na kely aza ilay vahiny raha tsy efa nilaza ny anton'ny nahatongavany.

Naniry ny hangataka an-drazazavavy ho andefimandrin'ny tompony izy. Tapa-kevitra ny fianakavian'ilay tovovavy fa hanome azy ireo ny zanak'izy ireo vavy. Ankehitriny, afaka miala sasatra ralehilahy. Razazavavy kosa afaka nahazo valinteny vitsivitsy mahakasika ireo fanontaniana momba ny hoaviny. Hanambady izy! Hisy mariazy hokarakaraina !

Mety nisy trangan-javatra lehibe ny marainan'iny. Nanambara ity lehilahy ity fa tsy maintsy mandao ity tokantrano ity. Naniry ny hanokana folo andro ho fanaovam-beloma an-drazazavavy ny fianakaviana, saingy efa te-handao mafy ny tokantranony ity farany. Tapa-kevitra izy ireo fa ankinina amin-drazazavavy ny fanapahan-kevitra farany.

Efa mba sendra toe-javatra mila manapa-kevitra haingana ve ianao, ary hanova tanteraka ny fiainanao io fanapahan-kevitra io ? Ho ahy manokana dia tiako ny manana fotoana kely hieritreretana, hanombanana ny lafy tsarany sy ny lafy ratsiny, mba hahafahako mifankazatra amin'ny zava-misy. Tsy fantany na mbola hanana tombontsoa hihaona amin'ireo ray aman-dreniny izy na tsia. Azo antoka fa mba faniriany koa ny hifanao veloma tamin'ireo namany teo an-tanàna. Mba hanao fety e ! – Hanambady izy ary tena fihaikàna goavana izany !

Ao amin'ny Genesisy 24:58 no ahitantsika ny valintenin-drazazavavy : « *Dia niantso an-dRebeka izy ka nanao taminy hoe: Handeha hiaraka amin'io lehilahy io va ianao? Ary hoy izy: Handeha aho.* »

**Tantara 2**

Fotoan-tsarotra tokoa izay fotoana izay. Roapolo taona namoretan'ny fitondrana vahiny, tamin'ny alàlan'ny andian-tafika matanjaka, mihoatra lavitra noho izay fitondrana efa nisy. Roapolo taona! Lava izany vanim-potoana izany. Taranaka iray manontolo no teraka ary nihalehibe teo anivon'izany tontolo feno habibiana izany.

Matetika ny olona zatra fotsiny, na manao ahoana, na manao ahoana toe-javatra misy azy. Saingy amin'ny farany dia tsy maintsy hirodana ihany ireny fanjakana lozabe ireny. Fa teto amin'ity faritra ity kosa dia tsy mba nisy zavatra nitranga nandritra ny roapolo taona.

Tamin'izay dia tonga ny fanambaràna. Nahazo hafatra mazava avy tamin'Andriamanitra, izay tsy maintsy ampitaina ravehivavy. Nanana drafitra hamahana ny olony Andriamanitra amin'izao famoretana mahatsiravina izao. Nihetsika avy hatrany izy.

Araka ny fanambaran'Andriamanitra dia tsy maintsy mampita hafatra amin'ny lehilahy iray izay voatendry hitarika ny olona hiala amin'ny fanandevozana izy. Drafitra mahavariana izany ary efa tsy andrin-dravehivavy fatratra izay fotoana hahatanterahan'izany. Hitaona ny tafiky ny fahavalo ho any amin'ny toerana midadasika lehibe iray, amoron'ny renirano Andriamanira. Efa fantany mialoha izay hataon'Andriamanitra. Miaraka amin'ireo fitaovam-piadiana lehibe sy mavesatra izay ianteheran'ny fahavalo. Azo antoka fa hahomby ny velam-pandrika. Mety hampanano-sarotra ny hanivatsiva izany faritra izany, rehefa mirotsaka ny orana. Ary ny anaran'ilay lehilahy voafidy hitarika ny fikomiana dia midika hoe «kotroka». Nazava tsara ny fandehan-javatra. Ho voasarika ho amin'ity toerana ity ny fahavalo. Tsy azon'izy ireo veroka tanteraka ny zava-misy. Mety ho tsy ho afa-mihetsika eo izy ireo rehefa alefan'Andriamanitra ny orana, ny varatra ary ny kotroka. Ho mora foana ny handresy azy ireo ary hanafaka ny firenena amin'ny mpampahory Andriamanitra.

Olona fanta-daza ravehivavy, nohajaina fatratra. Mpitsara izy ary tonga eo aminy mandrakariva ny vahoaka mba hitsarany ny adin'izy ireo. Koa avy hatrany dia notanterahina ny fangatahany haka ilay lehilahy. Mety ho tsikaritr'ireto iraka teny amin'ny mason-dravehivavy ny fientanam-po. Hisy zava-dehibe hitranga.

Izay tsy nampoizin-dravehivavy dia hoe, tsy ho araky ny fahamaizany ny fandraisan'ilay mpandray ny hafatra ny hafatra. Rehefa tonga i « Kotroka » ary naheno ny hafatra avy tamin'Andriamanitra izay nampitaina taminy dia tsy nahafaly azy velively izany.

Fandrahonana no nasetriny izany. Fandrahonana hafahafa.

Hatreto dia lehilahy hatrany no fahitantsika mandeha miady. Andraikitra hafa no sahanin'ny vehivavy. Tsy fikasan-dravehivavy velively ny handray anjara amin'ity fihetsehana ity. Nanana ny anjara andraikiny izy. Vady, mpitsara ary mpaminanivavy izy. Efa betsaka tokoa ny zavatra iantsorohany.

Toy izao manaraka izao no fandrahonana nataon'ilay mpandray hafatra : "*Raha hiaraka amiko ianao dia handeha aho; fa raha tsy handeha hiaraka amiko ianao dia tsy handeha aho.* Mety ho tsy nampino azy izay ren'ny sofiny - raha tokony ho nandre hoe "Tsara loatra izany planina izany ! Vonona aho! Hotanterahako izay nolazainao! " Raha tsorina izay nolazainy dia hoe « Tsy liana aho ! »

Efa sendra toe-javatra nanahirana anao tamin’ny fiainana ve ianao – faly ny amin'ny ho avy vaovao manoloana anao ianao – Tsy nampoizina, nisy zavatra nitranga izay mitaky ny hanovanao tanteraka ny fomba fijerinao ?

Inona no mety hataon-dravehivavy amin’izao toe-javatra izao ?

Hitantsika ny valinteniny manoloana ny fandrahonana nataon’i Baraka ao amin'ny Mpitsara 4: 9 « *Handeha hiaraka aminao ihany aho* ! »

**Tantara 3**

Misy fomba maro samihafa ahafahan’ny olona miavaka amin'ny maro eo anivon’ny fiarahamonina iray. Ny fomba azo antoka hahazoana manatratra izany, ho an'ny vehivavy dia ny manambady olona tsy iray firenena aminy. Ho an’ny vondrom-piaraha-monina mifanakaiky dia mifankafantatra ny rehetra – koa ny fanapahan-kevitra toy izany dia manan-danja tokoa, satria mandritra ny androm-piainana ny vokatra entiny. Ary izany indrindra no nataony. Nisafidy ny hanambady olona tsy iray firenena aminy izy. Saingy vao fanombohan’ny tantara mahavariana sy matetika no sarotra tamin’ny fiainany izany.

Ny vadin-dravehivavy dia nanana rahalahy iray izay nanambady vehivavy avy tamin’ny firenena niaviany ihany. Tsy fantatro izay nanambady voalohany, na niara-nanambady tamin'ny fotoana iray izy ireo. Azontsika atao ny mieritreritra fa tsy dia olana loatra tamin’izy mirahavavy ny nifampiresaka tamin’ny manodidina azy ireo, mahakasika ny fanapahankevitr’izy ireo. Rehefa tonitony ny adi-hevitra tao an-tanàna dia niezaka niditra tao anivon’ilay fianakaviana vaovao misy azy ankehitriny izy. Ny tsirairay avy dia tonga, miaraka amin’izay zavatra tiany, ny fahazarany, ny fombany, ny fiteniny, ny fomba fisainany izay tsy maintsy nojerena manokana, notakarina, notoherina, notoherina ary nekena. Lohahevitra iray manandanja tsy maintsy natrehana koa ny fivavahana. Samihafa amin’ny azy ny fivavahan’ny vadiny.

Dila ny herintaonan’ny fanambadian’izy ireo. Tsy nisy vaovao firy azo zaraina. Nitsingerina ny faha-roa taona. Nanomboka niresaka sy naminavina ny iray tanàna. Fa maninona no mbola tsy misy zaza ao amin'ny ankohonan'izy ireo? Toy ny hoe tsy mbola ampy an-dravehivavy ny miatrika izany toe-javatra izany, fa tsy maintsy mbola manampy izany ny fanehoan-kevitra avy amin’ny hafa. Kanefa mbola ho avy ny lehibe indrindra.

Voalohany, nopahon’ny fahafatesana ny rafozandahiny. Kapoka mafy ho an'ny fianakaviana izany. Tsy azo nampiononina ny rafozambaviny. Niraiki-po tamin’ny rafozambaviny tokoa izy ary nifankatia fatratra izy mianaka. Zavatra tokony hianarin'ny rafozambavy rehetra izany – tsara fifandraisana amin'ny vinantovaviny.

Kanefa, toy ny hoe tsy ampy ny fahoriana nateraky ny fandaozan’ilay rafozandahiny azy ireo. Mbola nisy kapoka roa indray namely ny fianakaviana. Nopahon’ny fahafatesana avokoa ny zaodahiny sy ny vady malalany. Nisy aretina nipaoka ny vatan-dehilahy rehetra tao amin'ity fianakaviana ity. Mafy koa ny fahoriana nahazo ireo vehivavy telo ireto ! Sarotra ny maka antsaina ny alahelo tsapan'izy ireo. Tsy misy lehilahy mba mikarakara azy ireo ary tsy misy zanaka hanome fanantenana ny ho avy!

Mbola tonga koa ny vaovao manaraka, izay sady tsara no ratsy. Henon'izy ireo fa tapitra ny mosary tany amin’ny tany niavian'ny vadiny, izay nahatonga azy nivahiny teto amin'ity toerana

ity, ary be ny sakafo any. Vaovao mahafaly izany. Tapa-kevitra ny hiverina any ny rafozambaviny. Vaovao mampalahelo izany.

Inona no hitranga aminy? Hanao ahoana ny hoaviny ?

Ny fanapahan-kevitra voalohany dia ny hiarahan'izy telo vavy. Fianakaviana iray izy ireo ankehitriny, ary mahasoa azy ireo ny miaraka. Natao ny fiomanana. Nisy ny fifanaovam-beloma ary roso ny dia.

Nandao ny tanàna izay efa tena nahatamàna azy tokoa izy, ireo olom-pantany, ny fiteny izay efa nahazatra azy, mba ho any amin'ny toerana izay mbola tsy fahitany hatrizay, hiaraka amin'ny olona izay tsy mbola fantany. Fanapahan-kevitra sarotra izany. Kanefa efa noraisiny ary roso izy ireo ankehitriny.

Niato tampoka ny dian'ny rafozambaviny. Tsapany fa tsy ho mora ho an'ireto vinantovaviny ireto ny handao ny fireneny, ka hiaraka aminy. Tsy nanana na inona na inona izy hatolotra azy ireo any amin'izay halehany. Nilaza ny rafozam-baviny fa tsy fantany akory na hanaiky handray azy indray na tsia ny mponina any amin'izany toerana izany, taorian'izay folo taona nandaozany ny fireneny izay. Ataony ahoana no fikarakara ny tenany, ary tsy hihevitra azy mirahavavy ? Dia namporisika ireto vinantovaviny izy hiverina any amin'ny tanàna niavian'izy ireo ary hiaina fiainam-baovao. Ho mora kokoa ny manao izany noho ny manohy ny dia miaraka aminy.

Efa tojo toe-javatra iray izay nanome alahelo tokoa anao tamin'ny fiainana va ianao ? Nopahon'ny fahafatesana ny olon-tianao, avy eo dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra sarotra ianao?

Angamba, voatery nandao ny tanindrazanao koa ianao, ka tsy maintsy mandeha any amin'ny firenen-kafa, vahoaka hafa? Fihaikàna lehibe izany !

Resy lahatra ny rahavaviny am-panambadiana fa marina loatra ny voalazan'ny rafozambaviny. Nihemotra izy ary niverin-dàlana.

Inona ary no tokony hataony ankehitriny ? Hiaraka amin'ilay rahavaviny am-panambadiana, hamonjy ny havany ? Angamba hitady vady na hijanona ho mananon-tena mandritra ny androm-piainany? Na hijanona hiaraka amin'ny rafozambaviny ary hanomboka fiainam-baovao, tsy misy antoka ny amin'ny hoavy. Aiza no hipetrahany ? Hafiriana no mety hahavelomany ? Aiza no tany hahafatesany sy hilevenany ?

Hentitra sy mazava ny fanapahan-keviny. Izao no vakiantsika ao amin'ny Rota 1:16 « *Fa hoy Rota: Aza manery ahy handao anao sy hiala amin'ny fanarahana anao; fa izay alehanao no halehako.* »

**Tantara 4**

“Fa maninona izy ? », taitra mafy ravehivavy.

"Rakotra lavenona ny tenany, rovidrovitra ny fitafiany, midradradradra mafy sy feho fangidiana izy ary misikina lamba fisaonana !" hoy ny navalin'ireo ankizivaviny.

Vaovao nahatsiravina izany. Tsy azony veroka velively izay mahazo ny dadatoany. Nampitroatra ny fitiavany sy ny fankasitrahany ny dadatoany izany. Niserana nanoloana azy ireo taonan'ny fahazazany mandra-pahalehibeny.

Tsy dia tsaroany loatra izay nitranga tamin'ny nahafatesan'ireo ray aman-dreniny ; tsaroany kosa fa lehibe niaraka tamin'ity dadatoa be fitiavana izay nikarakara azy ity izy. Tena tia azy tokoa ity farany ary nanao izay rehetra azony natao mba hahafahany misakafo, mahazo fialofana sy fanabeazana araka ny tokony ho izy.

Nisy fahatsiarovana niserana tao an-tsainy. Ny amin'ny nakàna azy tsy ho eo anilan'ny dadatoany intsony, ka nametrahana azy niaraka tamin'ireo tovovavy hafa tao an-dapa. Nitsiky izy, nahatsiaro ny fikarakarana natao taminy, nandritra ny herintaona, ho fiomanana hihaona amin'ny mpanjaka. Dia nisy ilay fanasana niavaka rehefa tonga mpanjakavavy izy.

Nampisaraka azy tamin'ny dadatoa malalany ny fiainana tao an-dapa, ary tsy afaka nandany fotoana betsaka taminy araka faniriany izy. Saingy ny tena mafy taminy indrindra dia ny fandrenesana izay nanjo ny dadatoany.

Ny zavatra nataony voalohany dia ny fandefasana akanjo vaovao ho azy. Angamba sahirana ara-bola ny dadatoany, ka nahafaly azy indrindra ny hanampy azy. Saingy vetivety dia niharatsy ny toe-draharaha. Tsy nety nandray ny akanjo izay nampitondrainy ny dadatoany. Fa nahoana ? Tsy fantany izay antony. Niezaka nanao fanadihadiana izy.

Tsy mbola azony an-tsaina ny tena faharatsian'ny toe-draharaha.

Na dia anisan'ny fianakavian'ny mpanjaka aza izy ankehitriny dia tsy mpandray anjara mavitrika tamin'ny resaka politika. Naharaka tsara ny fandehan-javatra rehetra ny dadatoany. Indray maka, talohan'izao, noho ny fidiran'ny dadatoany an-tsehatra dia voaaro ny ain'ny mpanjaka, saingy tamin'ity indray mitoraka ity dia nanan-danja kokoa ny ady tsy maintsy natrehana. Nampahafantatra azy ny dadatoany, nampiarahany tamin'izany ny didim-panjakana vaovao izay niantraika mivantana tamin'ny Jiosy rehetra. Namporisika azy ny dadatoany mba hihaona amin'ny mpanjaka, hangataka famindram-po ary hitalaho aminy ho an'ny fireneny.

Amin'izao fotoana izao dia efa hainy tsara ny arofenitry ny fanjakana, ary noho ny fisian'ny fikasana teo aloha hamono ny mpanjaka dia hentitra kokoa ny fepetra fiarovana. Na iza na iza manatona ny mpanjaka dia tsy maintsy atao maty, raha tsy mahazo famindram-po manokana avy amin'ity farany, amin'ny fananganany ny tehim-bolamena. Nampidi-doza loatra izany. Tsy nanam-po ny ho afaka hanatanteraka izay nangatahin'ny dadatoany velively izy. Tsy haiko na gaga ny dadatoany tamin'ny valinteniny. Saingy nanana hevitra mafonja izy izay nozarainy taminy.

Tsy fantatro na gaga ny dadatoany tamin'ny valinteny nomeny. Fa na izany aza dia hentitra dia hentitra ny hevitra izay nifampizarany taminy. Raha ny filazany dia mety noho izao toe-javatra izao no nametrahan'Andriamanitra azy amin'ny toerana nisy azy, ary raha tsy miditra an-tsehatra izy ankehitriny, miady ho an'ny vahoakany dia mety hanimba azy izany. Andriamanitra kosa tsy maintsy hahita fomba hanampiana azy ireo.

Efa teo amin'ny toeran'ny mpitarika va ianao, izay nahavoatery anao handray fanapahan-kevitra sarotra, hiresaka mahakasika olana manokana, na hiteny amin'ny anaran'ny olona iray tsy

manan-jo hiteny, kanefa niankina taminao mba hiteny ho azy ireo? Inona no nataonao? Niteny ve ianao sa nangina? Inona no zavatra tsapanao ?

Inona no ho nataonao raha ianao no teo amin'ny toeran'ity vehivavy ity ?
Noraisainy tamim-pahamatorana tanteraka ny tenin'ny dadatoany.

Dia nandefa ny valinteny ho an'ny dadatoany izy. Izao no vakiantsika ao amin'ny Estera 4:16 « *Mandehana ary, vorio ny Jiosy rehetra izay mba ato Sosana ary mifadia hanina noho ny amiko, ka aza mihinana na misotro hateloana na andro na alina; ary izaho sy ny ankizivaviko hifady toy izany koa, ary amin'izany no hidirako ao amin'ny mpanjaka*. »

Nandre tantara efatra momba ny vehivavy samihafa ao amin'ny Baiboly isika.

Afaka mandre tantara iray miresaka momba ny lehilahy ve isika ?

**Tantara 5**

Misy olona afaka mahita ny hoavy. Ireny no antsoina hoe mpitarika manana vina. Sary lehibe dia lehibe tokoa no hitan'izy ireo – ampifanarahany amin'izany ny fiainany ary manomana ny mpanara-dia azy ho amin'izany koa izy.

Mpitarika tahaka izany Izy. Nahita mazava ny hoavy Izy ary niezaka nanomana ny tarika izay notarihany ny amin'izay hitranga. Fantany fa ho fotoan-tsarotra tokoa izany ho an'ireto farany. Koa dia nanao ny fomba rehetra izy hanomana azy ireo hiatrika izany fotoan-tsarotra izany : ireo andro fandravana ; andro mahatsiravina.

Am-bolana maro, eny mety an-taonany mihitsy aza no niezahany nampahafantatra azy ireo izany.

Tsy nahitam-bokany anefa izany. Jamba tanteraka izy ireo nanoloana ny fahitany ny zavatra ho avy.

Koa dia iny alina iny no alina farany niarahany tamin'ireo mpiara-miasa akaiky Taminy.

Hevitra mety tokoa ny mandany ny takariva farany alohan'ny fotoan-dehibe manan-danja iray, amin'ny alàlan'ny fiaraha-misakafo farany. Iray amin'ireo fotoana manokana fiarahan'ny fianakaviana misakafo isan-taona izany fotoana izany.

Rehefa vita ny fiaraha-misaka hariva dia nitsangana mba hitsangatsangana kely izy ireo. Hevitra tsara tokoa ny mba mandehandeha kely aorian'ny sakafo. Tokony hanao izany koa ianao.

Nolazainy tamin'izy ireo fa amin'ity alina ity dia hiaina zavatra tsy hampoizin'izy ireo, izy ireo. Vao avy nanao ity fiaraha-misakafo manokana ity izy ireo. Eny, somary hafa amin'ny mahazatra izany, kanefa nahafinaritra foana ny fiarahana. Tian'izy ireo ny mpitarika azy ireo ary anisan'ny zavatra nahafinaritra mandrakariva fiarahana Aminy. Koa, mbola tsy mazava amin'izy ireo indray izay tiany hambara rehefa nilaza izy fa handao Azy izy rehetra. Ity teniny izany dia midika fa ho lavo, hihodina izy ireo. Eny, ho voahozongozona ny finoan'izy ireo noho ny Aminy. Ho menatra Azy izy ireo ary handao Azy.

Fantany fa hiteraka alahelo mafy ho azy ireo izany. Tsy maintsy nanao izay fomba hanomezana fanantenana azy ireo Izy. Zavatra izay tokony hotsaroan'izy ireo. Zavatra izay hanavotra azy ireo raha sanatria latsaka anaty lalina izy ireo. Zavatra tsotra kanefa manan-danja.

Efa nahazo anao ve ny hoe tsy maintsy hilaza zava-dehibe amin'olona iray eo amin'ny kihon-dàlan'ny fiainana ? Inona no nolazainao ? Inona no nirinao holazaina ?

Izao no vakiantsika ao amin'ny Matio 26:31, 32 « *Ary tamin'izany dia hoy Jesosy taminy:… Fa rehefa atsangana Aho, dia hialoha anareo ho any Galilia.* »

Tsy vao sambany i Jesosy no nilaza hoe: « *Handeha Aho* ! » Efa ela be talohan'ny nahatongavan'ny ota teto an-tany, ka tsy maintsy nilàna vahaolana, no nilazàny hoe: "*Handeha aho !* », na dia efa fantany aza fa ho sarotra izany, ho sarotra dia sarotra tokoa. Hampitondra fijaliana ho Azy izany. Ho diso fandray Azy ny olona, halam-baraka Izy, tsy hajaina, hankahalaina, ho tafasaraka mandrakizay amin'ny Rainy. Dia mbola niteny ihany Izy hoe « *Handeha aho* ! » Nahoana no misy olona vonona hanatanteraka iraka tahaka izany ?!

**Famintinana**

Androany isika dia nihaona tamin'i Rebeka, Debora, Rota, Estera, ary i Jesosy, teo amin'ny fotoana manan-danja teo amin'ny fiainan'izy ireo.

Tao anatin'ny fotoan-tsarotra indrindra, - na izany niantraika nivantana tamin'izy ireo, na tamin'ny fireneny manontolo ; ny iray aza niantraika tamin'ny taranak'olombelona mihitsy – no nandraisan'izy ireo fanapahan-kevitra. Ireny no toe-javatra nampisy fiovana ny fiainana. Ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo dia fintinina amin'ireto teny ireto: « HANDEHA AHO ! »

Anio dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra koa ianao. Miantso anao Andriamanitra hanatona ny vadinao hangataka famelana aminy. Nandratra azy ireo ianao tamin'ny lasa. Inona no havalinao izany ?

« Handeha aho ! »

Miantso anao Andriamanitra hanatona ny mpiray vodirindrina aminao. Hasao izy ireo hiara-hisakafo aminao. Henoy ny tantarany. Zarao amin'izy ireo ny tantaran'ny nanovan' Andriamanitra ny fiainanao. Inona no havalinao izany ?

« Handeha aho ! »

Miantso anao Andriamanitra hanampy ireo izay mipetraka eny amoron-dàlana. Omeo sakafo, akanjo, asa izy ireny. Miaraha mipetraka aminy ary henoy ny tantaran'izy ireo. Lazao amin'izy ireny fa tena manan-danja aminao tokoa i Jesosy. Inona no havalinao izany ?

« Handeha aho ! »

Miantso anao Andriamanitra handeha ho any amin'ny firenen-kafa, hiaina sy hiasa any ary hizara ny Filazantsara amin'ny alàlan'ny fomba fiainanao. Inona no havalinao izany ?

« Handeha aho ! »

Inona ilay bitsiky ny Fanahy Masina aminao ? Aiza no iantsoan'Andriamanitra anao anio ? Inona no havalinao izany ?

Ny fitiavan'i Jesosy anie hanome hery anao hamaly hoe: "Handeha aho."

Andao isika hiara-hiredona hoe: "Handeha aho!"

**Ambangovangon’ny Atrikasa**

## Fandresena ireo sakana eo amin’ny fiainana

Nosoratan’i Danijela Schubert

Soso-kevitra mahakasika ny fandaharam-potoana

Vavaka

Andalan-tSoratra Masina hovakiana : Jeremia 29 :11

*« Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. »*

- Tantara fohy arahana fifanakalozan-kevitra
- Vavaka sy fisaintsainana
- Dingana handresena ireo sakana
- Vavaka sy ny fanapahan-kevitra hisafidy dingana iray na maromaro entina mandresy ireo sakana
- Vavaka sy tsodrano

Romana 15:13

*« Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina. »*

**Fitaovana ilaina :**

Penina

Taratasy - hanoratanao ireo teboka hifanakalozan-kevitra

Latabatra - raha azo atao, dia mivondrona tsitelotelo na tsiefatrefatra manodidina ny latabatra ny olona

Taratasy lehibe maromaro - hanoratana ny famintinana ny vahaolana

Karatra - misy toerana malalaka hanoratana safidy iray na roa hoentin'ny olona tsirairay mody

**Atrikasa**

## Mandresy ireo sakana eo amin'ny fiainana

Nosoratan'i Danijela Schubert

### Fampidirana

Hiara-hanomboka ny fotoana isika amin'ny famakiana ny Jeremia 29:11 *"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. »*

Andinin-tSoratra Masina mahafinaritra sy toky azontsika takiana izany. Kanefa, indraindray isika dia manoloana toe-javatra izay manakana antsika tsy hitombo; fa mainka manimba antsika izy ireny ; mahatonga antsika ho very fanantenana sy hamohy ny hoavy. Inona ary no hataontsika ?

### Tantara fohy arahana fifanakalozan-kevitra

Amin'ity hariva ity dia hifankahafantatra amin'i Skyla, Katerina, Tessa, ary Jasmin isika. Hampiasaintsika ny fanandramana niainantsika sy ny saintsika eo am-pihainoana ny tantara fohy mahakasika azy ireo. Hanampy antsika ireny hisaintsaina ny fiainantsika ary hanampy antsika hahita izay fomba handresena ireo sakana atrehantsika.

Andeha isika hivondrona tsitelotelo na tsiefatrefatra.

Henoy ireto tantara fohy vitsivitsy mahakasika ny fiainan'ireto vehivavy niatrika sakana ireto, dia saintsaino ireo zava-tsarotra natrehin'izy ireo.

### Skyla

*Skyla dia lehibe teo anivon'ny fianakaviana izay samy mpisotro toaka avokoa na ny raim-pianakaviana na ny anadahiny. Fianakaviana tena sahirana nonina tany an-tanan-dehibe izany. Mandeha mankeny amin'ny tsenan-tsakafo ny renin'izy ireo rehefa mikatona izany tsena izany, mba hahafahany mividy ireo vokatra amin'ny vidiny ambany, na mba hahazoana maimaimpoana ireo voankazo sy legioma efa simba, hahafahany mamelona ny ankohonany. Rehefa nihalehibe i Skyla dia niatrika fanalam-baraka sy fanararaotana noho ny toe-javatra niainan'ny fianakaviany.*

Diniho eo anivon'ny vondron'olona 3-4 ireo fanandramana mety niainan'i Skyla rehefa lehibe izy, vokatr'izay fitaizana azy izany.

### Katerina

*Katerina dia tovovavy nanana drafitra. Nandao ny tanànany izy satria sarotra loatra ho azy ny asa any noho ny tsy fahatomombanana teo amin'ny fahasalamany. Tonga tany an-tanan-dehibe izy ary nahita asa sy trano nipetrahana. Toa nandeha araka ny drafiny avokoa ny zava-drehetra, hatramin'ny fotoana izay nanarahan'ity lehilahy azy hatrany an-tranony, ka nidirany*

*an-keriny tao. Tsy nety nivoaka ny tranony ilay lehilahy. Na dia nanohitra mafy azy i Katerina dia mbola lavony ihany, ka bevohoka no niafarany.*

Diniho eo anivon'ny vondron'olona 3-4 ireo olana niainan'i Katerina teo amin'ny fiainany, vokatr'ity toe-javatra ity.

**Tessa**

*Vao nanomboka nilamina sy niroborobo ny ara-bolan'i Tessa sy ny vadiny dia tafalatsaka tanaty krizy ara-toekarena ny firenena ary nidina isan'andro ny sandam-bola. Miaraka amin'ireo zaza dimy velomin'izy ireo dia tena adidy mavesatra tokoa izany. Izay vola natokana ho an'ny ronono sy mofo fotsiny taloha dia tsy maintsy nampiasana ho amin'ny fandaniana rehetra ao an-tokantrano ankehitriny.*

Diniho eo anivon'ny vondron'olona 3-4 ireo olana tsy maintsy atrehan'i Tessa ao anatin'izao fotoan-tsarotra izao.

**Jasmin**

*Tian'i Jasmin ny mandeha any an-tsekoly na dia lavitra aza izany. Na izany aza dia fanirian' ireo ray aman-dreniny ny hanampiany amin'ny fiompiana, fa tsy mandany fotoana amin'ny famakiana boky sy ny fanaovana enti-mody. Tokony hikarakara ny biby fiompy izy ary hanamboatra ba kiraro ho an'ny fianakaviany. Nihena ny naotiny tany am-pianarana ary vetivety dia tsy naharaka intsony izy. Tsy maintsy namerin-taona na nampiato tanteraka ny taon-tsekoly izy.*

Diniho eo anivon'ny vondron'olona 3-4 ireo olana natrehan'i Jasmin, ary inona no mety ho vokatry ny tsy nahafahany nanaraka ny fianarany araka ny tokony ho izy any aoriana ?

**Vavaka sy fisaintsainana**

Manokàna 10 minitra hivavahana sy hisaintsainana ireo vato misakana atrehanao ankehitriny, na ireo vato misakana atrehan'ny fiarahamonina misy anao.

**Dingana handresena ireo sakana**

Ifanakalozy hevitra eo anivon'ny vondron'olona 3-4 ireo fomba azo heverina hihoarana ireo sakana izay natrehan'ireo vehivavy efatra ao amin'ny tantara. Ataovy lisitra ireo safidy ireo.

Zarao eo anivon'ny vondrona rehetra ireo safidy naroson'ny vondrona tsirairay.

Ifampizarao amin'ny vondrona rehetra ireo hevitra naroson'ny vondrona tsirairay. Ataovy lisitra iray ireo safidin'ny vondron'ny rehetra.

**Ny fiafaran'ny tantara**

Fanirianao va ny hahafantatra izay nitranga tamin'ireo vehivavy ao amin'ireo tantara vao hitantsika, ary fomba ahoana no nandresen'izy ireo ireo sakana?

**Skyla**

Soa fa afaka nandoa ny saram-pianarany ny renin'i Skyla, ary afaka nanohana ny fianarany koa ny vadiny taty aoriana. Nahazo diplaoma roa, mari-pahaizana roa - maîtrise sy doctorat - izy, niampy mari-pahaizana doctorat en troisème cycle. Nanokatra varavarana ho amin'ny fahombiazana izany teo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fitantanana fiangonana. Nahita ny voka-dratsin'ny fitomboana teo anivon'ny fianakaviana mpisotro toaka izy, vokatry ny famakiana literatiora. Niady tamin'ny tsy fahatokisan-tena sy ny fahaketrahana lava koa izy. Kanefa nahita vahaolana ny amin'izany koa izy tamin'ny alàlan'ny fanatonana mpanolotsaina sy mpanazatra. Ambonin'izany rehetra dia tsy nijanona nivavaka mihitsy izy ary nitady an'Andriamanitra mandrakariva.

**Katerina**

Nanambady ilay lehilahy nanao an-keriny azy i Katerina. Nanan-janaka telo izy ireo. Tsy mora ny zavatra niainany, satria tsy ny vadiny ihany no mpisotro toaka, fa hatramin'ny zananilahy koa. Narefo mandrakariva ny fahasalamany tamin'ny ankamaroan'ny fotoana niainany, saingy niezaka izy ary mbola afaka niaina hatramin'ny sivifolo taona ; nanome voninahitra an' Andriamanitra. Nahatoky foana tamin'Andriamanitra izy ary niady ho an'ny fahamarinana. Misionera marina teo amin'ny tanan-dehibe izay nisy azy izy, nizara boky sy gazety ary teny fampaherezana teny amin'izay rehetra nalehany. Tonga mpianatra mahatoky an'Andriamanitra ny zananivavy ary nanome hafaliana betsaka ho azy. Torak'izany, tonga mpino koa ny vadiny taty aoriana.

**Tessa**

Nikaroka tamin'ny alàlan'ny boky literatiora izay hitany i Tessa ny amin'ny fomba hamahanany ny ankohonany i Tessa amin'izao fotoan-tsarotra izao. Hitany tao ireo sakafo be otrikaina ary azo vidiana amin'ny vidiny mirary. Nahita fomba fahandro matsiro koa izy. Mba tsy hividianana ronon'omby izay lafo dia lafo tokoa dia nianatra nanamboatra ronono soja izy. Mba tsy hividianana ireo vokatra avy amin'ny hena, izay lafo dia lafo tokoa, dia nianatra nahandro sakafo tsara tsiro tamin'ny alàlan'ireo karazana legioma izy. Nitaiza zaza salama sy ampy sakafo tsara izy. Ankehitriny ireo zanany dimy dia mpianatra mahatoky an'i Jesosy avokoa.

**Jasmin**

Nahita fomba nahafahana nampiana-tena i Jasmin. Nanohy nianatra arak'izay azony natao izy, nefa mbola afaka nanao ny adidiny teo anivon'ny ankohonany koa. Nampianatra azy matematika ny zokiny lahy. Tsy maintsy nafeniny ho tsiambaratelo anefa izany. Nanao izay fomba rehetra nahafahana nanosika azy ny mpampianatra azy, mba hahazoany mamarana ny taom-pianarana sy mifindra kilasy. Nahavita taona vitsivitsy tao amin'ny sekoly ambaratonga voalohany izy, talohan'ny nipoahan'ny ady tao amin'ny fireneny ary namarana ny fianarana ara-dalàna. Nanohy namaky boky isan'andro izy nandritry ny androm-piainany. Ny boky voalohany novakiany dia ny Baiboly, izay namana mpiara-dia taminy isan'andro. Nahita fomba nampianarana ny tenany izy, mba hahafahany mahara-baovao, toy ny fihainoana onjam-peo. Nataony izay nahazoana antoka fa nahazo fanabeazana ampy, avy tamin'izay teo am-

pelatanany ny zanany. Ny sasany tamin'ireo zanany dia nahavita fianarana ambaratonga faharoa. Nomeny voninahitra Andriamanitra noho ny fahendrena nomeny azy teo amin’ny fifandraisany tamin'ny hafa.

**Safidy horaisina**

Ankehitriny, ny tsirairay avy dia hisafidy ny iray na roa amin'ireo safidy voatanisa teo aloha, izay azonao amboarina sy ampiasana, miainga avy amin'izay soso-kevitry ny vondrona, izay eritreritrao manokana, ary avy amin’ny tena fiafaran’ireo tantara vao renao ireo. Ento mody miaraka aminao izany ary apetraho amin'ny toerana hahafahanao mahita azy, ho fampahatsiahivana. Mariho ny fomba hanovan'Andriamanitra ny fijalianao ho fitahiana.

**Fotoam-bavaka sy Fandraisana Fanapahan-kevitra**

Manokàna fotoana hivavahana (irery na eo anaty tarika madinika ; hangatahana ny fanampian' Andriamanitra mba handresena ireo sakana eo amin'ny fiainanao, eo amin'ny fiainan'ny vehivavy hafa, ary eo amin’ny fiaraha-monina misy anao.

**Vavaka**

Andeha hiara-hanonona ity vavaka ity isika :

Andriamanitra ô, omeo ahy ny fiadanam-po hanaiky ireo zavatra tsy azoko ovaina ; ny herim-po hanovako ireo zavatra azoko hovana ; ary fahendrena hahitako ny fahasamihafana.

Enga anie ho tanteraka amiko ny fampanantenanao *fa « Ianao mahalala ny hevitra iheveranao ahy, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany. »*

Manampia ahy hahatoky Anao, hamadika ireo olako ho fitahiana ho an'ny hafa.

**Tso-drano famaranana**

Romana 15 :13

*« Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina. »*

## Seminara

**MAMPIANARA ANAY HIVAVAKA :**

**Fomba efatra handraisana ny soa be indrindra avy amin’ny fotoam-bavaka**

Nosoratan’i Zdravko Stefanovic

Fony teto an-tany i Jesosy dia nanao asa fanompoana ho an’ny filàna isan-karazany. Indraindray ny mpianany dia nanao fangatahana manokana Taminy. Anisan’ny lehibe indrindra tamin’izany izay nitranga vantany vao avy nivavaka i Jesosy. *« Tompoko, mampianara anay hivavaka»*, hoy izy ireo.

Tsy nisy fangatahana na iray aza, niantefa tamin'ny sofina marenina. Avy hatrany dia nanomboka nampianatra ireo mpianany ny vavaka lehibe indrindra i Jesosy, izay vavaka fantatry ny maro amin’ny anarana hoe « Vavaka nampianarin’ny Tompo ».

### #1 Mianatra = Manatanteraka

Rehefa nampianatra ny mpianany hivavaka i Jesosy dia tsy nanao lahateny momba io lohahevitra io, na nanao toriteny na dia iray aza. Fa nampianariny ny mpianany kosa ny amin’ny tena tonom-bavaka. Hoy izy: « Maniry hianatra hivavaka ianareo ? Eny ary, andeha isika hivavaka ! Toa izao no fivavaka. »

Andinin-tsoratra masina maro no ahitana tonom-bavaka. Tsy hahita lahateny lava momba ilay lohahevitra ianao. Manerana ny Baiboly dia ahitàna tonom-bavaka vonton’ny fanahy, mipololotra avy ao am-po sy ny vavak'ireo mahatoky an'Andriamanitra. Ny vavaka mirakitra fangatahana manokana amin'Andriamanitra dia ny vavaka izay nataon'i Hana tao amin'ny fitoerana masina, tao Silo (1 Sam. 1). Na, hevero ny vavak'i Jona, mba hanafahana azy avy ao anatin’ilay trondro goavambe (Jona 2). Ny vavak'i Elia mpaminany teo an-tendrombohitra Karmela (1 Mpanjaka 18) dia ohatra tsara maneho ny fahalehibiazan’Andriamanitra. Ny vavaka fanokanana ny Tempoly izay nataon'ny Mpanjaka Solomona (1 Mpanjaka 8) dia ohatra iray amin'ny vavaka fitokanana ny Toerana Masina. Afaka mianatra betsaka ny amin’ny vavaka fanelanelanana isika, avy amin'ny vavak'i Daniela ho an'ny olony tany Babylona (Dan. 9). Ohatra tsara ny amin'ny vavaka fanoloran-tena ny vavak'i Kristy tao Getsemane (Matio 26), rehefa nanolotra ny tenany teo ambanin’ny sitrapon'ny Rainy Izy. Tetsy andaniny, ny vavaka izay nataon’i Jesosy tao amin'ny efitrano ambony (Jaona 17) no vavaka tsara indrindra ho amin’ny fampiraisana ireo mpianatr'i Kristy.

Mazava ho azy fa ny fivavahana dia fanehoana tsotra, tsy mihambahamba izay fahatsapantsika, ho an’Andriamanitra, na ny amin’Andriamanitra.

### # 2 Tena Lehibe, kanefa akaiky dia akaiky

Ho an'ireo mpiara-belona tamin’i Jesosy, Andriamanitra dia zavaboary goavambe, napetraka ambony seza fiandrianana. Ho an’i Jesosy kosa dia hafa amin’izany. Izany Ilay Andriamanitra Mahery nantsoiny hoe Aba Ray amin'ny vavaka izay fanaony. Izany fomba firesahana amin'Andriamanitra izany, izay fandre matetika eo imolotr'i Kristy, dia teny maneho firaisam-po akaiky dia akaiky, izay adika amin'ny hoe "papa" na "dada". Toy ny firesaky ny zanaka amin’ny rainy no fomba fivavak’i Jesosy – tamin’ny fomba tsotra, misy firaisam-po akaiky ary

fifampitokisana. Ny vavaky ny vahoakan'Andriamanitra tamin'ny andron'ny Baiboly dia milaza fa *na ny lanitry ny lanitra aza, tsy ho omby an'Andriamanitra* (1 Mpanjaka 8:27). Nefa io Andriamanitra io ihany dia voalaza fa mitoetra amin'ny alàlan'ny finoana ao am-pon'ny mpino. Ny mivavaka dia manokatra am-panetren-tena ny fo amin'Ilay Mpanjakan'izao rehetra izao, mba hahafahany mitoetra ao aminy amin'ny alàlan'ny finoana.

Ny vavak'i Davida Mpanjaka ao amin'ny Salamo 8 dia midera an'i Jehovah, *Izay manana ny anarana Lehibe eto ambonin'ny tany ; ny voninahiny dia avo ambonin'ny lanitra, ary ny asa noforon'ny tànany ny volana sy ireo kintana marobe.* Kanefa mampianatra koa ny salamo fa mihevitra ny amin'ireo zavaboary noforoniny ny Tompo. Rehefa nahatsapa ny fahoriany i Davida ary nihiaka hoe: "*Ary izaho dia olitr (kankana), fa tsy olona,*," (Sal. 22: 6), dia mbola nivavaka ihany, nanao hoe: "*Fa Hianao, Jehovah ô, aza manalavitra*." (andininy 19).

Azontsika atao ve ny miresaka amin'Andriamanitra toa izay nataon'i Kristy?
Eny, tena azontsika atao. Raha ny marina dia tokony hanao izany isika. Ny fotoana tena nampientanentana indrindra dia izay tao amin'ny Sahan'i Getsemane, izay nilazan'i Jesosy hoe: *« Aba, Raiko ô, ny zavatra rehetra hainao; esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao. »*

Manambara amintsika ny apostoly Paoly fa zanak'Andriamanitra isika, izay mivavaka amin'ny alàlan'ny Fanahiny, manao hoe *"Aba, Ray"* (Rom. 8:15; Gal. 4: 6) Nilaza tamin'ireo mpino tany Efesosy koa izy fa *« nandohalika tamin'ny Ray izy, izay ahazoan'ny fianakaviany rehetra any an-danitra sy ety an-tany anarana, ka araka ny haren'ny voninahiny dia mba hohatanjahina isika, mba ahafahan'i Kristy mitoetra ao am-pontsika amin'ny finoana. »* (Efes. 3:14-17).

**# 3 Ireo zavatra voalohany aloha**

Tamin'ny toriteny teo An-tendrombohitra, dia nampianatra ny vahoaka i Jesosy mba *hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany aloha, dia hanampy azy ireo ny zavatra hafa rehetra ilain'izy ireo* (Mat. 6:33). Jesosy dia nampihatra izay notoriny. Ny vavaka nataony tamin'ny Ray dia mikasika ny fahamasinan'ny Anarany aloha, ny fiavian'ny Fanjakany ary ny fanatanterahana ny sitrapony ety an-tany. Io no mialoha ny zavatra rehetra satria izay rehetra nataon'Andriamanitra sy noforoniny dia nohariany ho voninahiny (Isa. 43: 7). Satria an'Andriamanitra irery no voninahitra, dia tokony hanome Azy izay Azy isika.

Rehefa avy nivavaka tamin'ny anaran'Andriamanitra sy ny Fanjakany i Jesosy dia nifantoka ny amin'izay filantsika isan'andro toy ny sakafo sy ny famelan-keloka ary ny finoana. Ireo telo ireo dia tonga amintsika tahaka ny fanomezana avy amin'Andriamanitra. Amin'ny ankapobeny, fahita matetika ao amin'ny Baiboly ny hoe, rehefa mivavaka ny olona iray dia manomboka amin'ny fideràna na fanomezana voninahitra an'Andriamanitra ; aorian'izay vao maneho ny fangatahany.

Toy izao no fanombohan'ny vavaka nataon'i Solomona tamin'ny fitokanana ny Tempoly: *"Ry Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely ô. tsy misy Andriamanitra tahaka Anao na amin'ny lanitra ambony na amin'ny tany ambany. »* (I Mpanjaka 8 :23) Torak' izany koa ny mpanjaka Josafata, rehefa notandindomin-doza izy, dia nivavaka manao hoe : *« Ry Jehovah ô, Andriamanitry ny razanay, tsy Hianao va no Andriamanitra any an-danitra? Eny, Hianao no manapaka amin'ny fanjakan'ny jentilisa rehetra, ary eo an-tananao ny hery sy ny fahefana, ka tsy misy mahasakana Anao. »* (II Tantara 20.6). Habakoka, mpaminany, dia nanomboka ny fivavahany tamin'izao :

*« Jehovah ô, efa reko ny filazana Anao, ka raiki-tahotra aho; Jehovah ô ! »* (Hab. 3:2) Rehefa norahonana ireo mpino dia nivavaka toy izao izy ireo : *« Tompo ô, Hianao no nanao ny lanitra sy ny tany ary ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny. »* (Asa 4 :24)

Tsy midika akory izany fa tsy nivavaka ny amin'izay filàn'izy ireo isan'andro ny olona ao amin'ny Baiboly. Ny mifanohitra amin'izany aza. Matetika izy ireo no nivavaka ny amin'izany. Na izany, na tsy izany anefa dia nanomboka mandrakariva ny fivavak'izy ireo tamin'ny alàlan'ny fanomezana voninahitra an'Andriamanitra izy ireo ; nidera Azy ny amin'ny heriny sy ny famindram-pony, avy eo vao nampifantoka ny amin'izay zavatra hafa ilain'izy ireo.

Mahakasika ny vavaka dia mampianatra antsika i Jesosy sy ny Baiboly hametraka voalohany izay zavatra voalohany.

**#4 Tsy manova, fa ovaina**

Fanambarana iray manan-danja ao amin'ny vavak'i Jesosy no hita ao amin'ireto teny ireto : *« Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. »* (Mat. 6 :10). Izany dia hamafisin'ny fampiasana ny teny hoe "Amena", izay mamarana ny vavaka ankehitriny, toy ny tamin'ny andron'ny Baiboly.

Maro amintsika no mahafantatra fa ny amena dia midika hoe *"Ho tanteraka tokoa anie izany !"* Ny mety tsy ho fantatry ny sasany dia hoe : tsy manamafy ireo hetahetam-pon'ilay olona mivavaka ny « Amena », fa izay drafitr'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Fitalahoana mba hahatanterahan'ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fanononantsika ny "Amena" amin' Andriamanitra dia fanehoana ny fahavononantsika hametraka ny momba antsika eo Aminy ary hanaiky ny Sitrapony.

Ny tena tanjon'ny vavaka dia tsy hanandrana hanova ny fisainan'Andriamanitra na ny drafiny ho antsika, na hanandrana hanova ireo izay entintsika am-bavaka. Ny tena tanjon'ny vavaka dia ny hanovàna antsika ary hampifanaraka antsika amin'ny Sitrapon'Andriamanitra. Izany no antony nivavahan'i Jesosy tao Getsemane, manao hoe: *« Aoka tsy ny sitrapoko no hatao fa ny Anao. »* (Mat. 26 :39)

Niaiky ny mpanao salamo tamin'ny fiantombohan'ny vavaka nataony fa : *« Tsy mbola eo amin'ny lelako akory ny teny dia efa fantatrao izy rehetra. »* (Sal :139 :4) Namarana ny vavaka nataony tamin'ny alàlan'izao fangatahana izao izy : *« Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko, zahao toetra aho ary fantaro ny eritreritro ; zahao na misy lalana mety ahitan-doza ato anatiko, dia tariho amin'ny lalana mandrakizay aho. »* (andininy 23, 24)

Ny fiangonana kristiana dia teraka tao anatin'ny rivo-piainan'ny vavaka. Ireo mpitarika sy mambra tao aminy dia samy nikatsaka ny fitarihan'Andriamanitra isan'andro (Asa 1:4; 2:4, 42). Nandritr'izany vanim-potoana izany dia ny vavaka no fitaovana mahery vaika indrindra teo am-pelatànan'ny Kristiana, hiatrehana ny fanoherana sy ny fanenjehana. Izany no fomba namolavolana tsikelikely ny fiangonana, hanaraka izay nikasan'ny Tompony azy.

Afaka miteny tahaka izay nolazain'i Paoly isika. Tamin'ny fomba tsotra no nampahafantaran'ny Tompo tamin'ny Ananiasy ny mpianany, nanao hoe : « *Efa mivavaka izy. » Rehefa tonga lehilahin'ny vavaka i Paoly dia voavolavola, tonga Apôstôly sy misiônera voalohan'i Jesosy Kristy teny anivon'ny Jentilisa. »* Tamin'ny alàlan'ny vavaka dia nomen'ny Fanahy Masina azy ny fahendrena sy izay fahalalàna ilainy ho amin'ny iraka napetraka taminy.

Ny kristiana dia mivavaka amin'Andriamanitra amin'ny fo sy saina malalaka ary mametraka ny valiny eo am-pelatànan'Andriamanitra. Hoy i Amosa mpaminany: *« Ny tsara no tadiavo fa aza ny ratsy mba ho velona ianareo;… angamba NY TOMPO, Andriamanitra Tompon'izao rehetra izao, hamindra fo amin'izay sisa amin'i Josefa. »* (Amosa 5 :14,15) Izany fampianarana izany dia mbola hita ao amin'ny bokin'i Joela: *« Ny fonareo no triatriaro fa aza ny fitafianareo,… Iza no mahalala raha mba hanenina ihany Izy. »* (Joela 2:13, 14).

Mampianatra antsika ireo ohatra ireo fa ny vavaka ataontsika dia tsy manova an'Andriamanitra, fa manova antsika kosa, ary mahatonga antsika hanaiky ny sitrapony eo amin'ny fiainantsika.

Afaka mianatra zavatra efatra avy amin'ny vavak'i Jesosy sy ireo vavaka maro hafa avy ao amin'ny Baiboly isika. Voalohany, ny fomba tsara indrindra ahafahana mianatra ny fomba fivavahana dia ny fivavahana amin'ny fo. Faharoa, Ilay Andriamanitra lehibe, izay ivavahantsika, dia Andriamanitra lehibe, kanefa akaiky dia akaiky antsika, ka azontsika antsoina hoe Ray, Dada, na Papa, arak'izay nataon'i Jesosy.

Fahatelo, rehefa mivavaka isika dia tokony hametraka ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany ambonin'ireo zava-manahirana antsika isan'andro.

Ary fahefatra, ny vavaka ataontsika dia mahatonga antsika ho vonona hanaiky ny sitrapon'Andriamanitra amintsika, fa tsy hanova an'Andriamanitra na ny fikasany amintsika.